Fiteny litoanianina

Ny **fiteny litoanianina** dia teny ibeazan'ny mponina litoanianina. Io fitney io dia manana sata teny ofisialy any Litoania ary amin'ny Vondrona Eoropeana. Ny isan'ny litoanianina manana ny teny litoanianina ho teny nibeazana dia isaina eo amin'ny 2,9 tapitrisa ao Litoania ary 3 hetsy any ivelany. Ny teny litoanianina dia akaikin'ny fiteny Letôna, na dia tsy mifankahazo aza ireo ny mpitenin'ireo teny roa ireo. Soratana amin'ny alalan'ny abidy latina ny fiteny litoanianina. Ny mahasamihafa ny fiteny litoanianina amin'ny fiteny eoropeanina ankehitriny dia izy io manana endrika mifanakaiky amin'ny fiteny prôtô-indo-eoropeana, endrika izay verin'ny fiteny indô-eoropeana sasany.

Litoanianina ***lietuvių kalba***	
Isan'ny mpiteny	3,2 tapitrisa
Faritany	Teny ofisialy ao Litoania ary ao amin'ny Vondrona Eoropeana, tenim-paritra any Polonia; ahitana mpiteny litoanianina ihany koa any Rosia ary any Letônia
Sata	Litoania (teny ofisialy) Vondrona Eoropeana (teny ofisialy) Polonia (tenim-paritra)

Hita tao amin'ny "https://mg.wikipedia.org/w/index.php?title=Fiteny_litoanianina&oldid=628024"

Voaova farany tamin'ny 14 Martsa 2013 amin'ny 11:37 ity pejy ity.

Azo ampiasaina araka ny fepetra apetraky ny lisansa Creative Commons Attribution-ShareAlike ; Mety misy ny fepetra fanampiny mihatra. Jereo fepetram-pampiasana ho an'ny antsipirihany.